# Manolotra ny fanasana mba hatao batisa sy horaisina ho mpikambana

## Filalaovana an-tsehatra 1—Mampiasa ny ohatr'i Jesoa Kristy

**Mpitantara:** Nahatsapa faniriana hifandray amin' Andriamanitra i Sarah hatramin'ny fotoana nanombohany ny fianarana any amin'ny oniversite roa volana lasa izany. Nihaona tamin'ireo misiônera izy vao tsy ela izay. Tamin'ny fitsidihan'izy ireo voalohany dia nampianatra an'i Sarah momba ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary nanasa azy hamaky sy hivavaka momba ny Bokin'i Môrmôna i Soeur Hernandez sy Soeur Williams. Amin'izao ny misiônera dia tafahoana amin'i Sarah indray. Mahatsapa ho voatarika hanasa an'i Sarah mba hatao batisa izy ireo.

**Soeur Hernandez:** Sarah a, hoy ianao taminay hoe te hanara-dia an' Andriamanitra sy hampiorina ny fifandraisanao Aminy ianao. Ndeha isika hiaraka hamaky ao amin'ny Baiboly mikasika ny fomba nanehoan'i Jesoa Kristy antsika ny fomba hanarahana an' Andriamanitra.

**Soeur Williams:** Ao amin'ny Matio toko faha 3 dia mamaky momba an'i Jesoa nanatona an'i Jaona Mpanao Batisa isika. Sarah a, vakio hoe azafady ny Matio 3:13–17?

**Sarah:** [Mamaky amin'ny feo mafy ny Matio 3:13–17.]

**Soeur Hernandez:** Sarah a, natao batisa i Jesoa mba hanatanteraka ny fahamarinana rehetra. Midika izany fa nankatò ny didy mba hatao batisa Izy. Inona no fantatrao momba ny batisa?

**Sarah:** Fantatro hoe zavatra ataon'ny olona matetika ilay izy. Tao am-piangonana nisy ahy fony aho mbola kely dia tsaroako nisy olona vitsivitsy nanao azy. Tsy misy olona vita batisa ao amin'ny fianakaviako. Fa ankoatra izay dia tsy mahalala firy aho.

**Soeur Hernandez:** Misaotra ry Sarah nizara izany. Ndeha hazavaintsika misimisy kokoa ny momba ny batisa. Tian' Andriamanitra isika hiverina hiara-hiaina Aminy. Manomboka mandeha eo amin'ny lalana miverina any amin' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fampiharana finoana an'i Jesoa Kristy. Ny finoana an'i Jesoa Kristy dia mitarika antsika hanova ny fiainantsika sy hibebaka amin'ny fahotantsika. Ny batisa no fanekempihavanana voalohany ataontsika eo amin'io lalana io. Mitondra antsika ho akaiky kokoa ny Mpamonjy izany, ary mahatsapa fifaliana sy famelan-keloka ary fanantenana isika. Ôrdônansy iray ihany koa ny batisa. Midika izany fa fombafomba tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana izany.

**Soeur Williams:** Rehefa atao batisa isika dia manao fanekempihavanana na hoe fampanantenana, amin' Andriamanitra. Mampanantena isika ny hanompo Azy sy hitandrina ny didiny. Ao anatin'io fanekempihavanana io dia mampanantena Andriamanitra fa hamela ny fahotantsika Izy ary hitahy antsika amin'ny fanomezana ny Fanahiny, mba hahafahantsika ho voadio sy ho voatarika ary hahazo fampiononana.

**Soeur Hernandez:** Sarah, vonona ve ianao ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanaovana batisa izay tanterahin'ny olona iray voatendry hanatanteraka izany ôrdônansy izany? Hanampy anao hiomana ho amin'ny batisa izahay. Mino izahay fa afaka ny ho vonona ianao amin'ny 29 jolay. Vonona ve ianao hiomana hatao batisa amin'io daty io?

**Sarah:** Eny. Mahatsapa aho fa izay no zavatra tokony hataoko.

**Soeur Williams:** Sarah, tena mampientanentana anay ery ny hahazoanao ireo fitahiana izay ho azonao noho ny fandraisanao izany safidy izany. Hitondra fiadanana sy hery lehibe eo amin'ny fiainanao ny fanaovana batisa. Betsaka ny zavatra izay mila ampianarinay anao mba hanampiana anao hiomana.



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80025866_654_014